



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

FILEMONA, 2 TIMOTY ARY JODA
LES EPITRES A PHILEMON, 2 TIMOTHEE ET JUDE

Talata 12 janoary 2021
Mardi 12 janvier 2021

MIJORO HO VAVOLOMBELONA MARINA
- RENDRE TEMOIGNAGE FIDELEMENT

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« ... tsy menatra aho, satria fantatro izay inoako ... » - « ... je n'en ai pas honte, car je sais en qui j'ai cru ... » (2 Tim. 1, 12).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 398 (= feo hira 331), 1 sy 5 : Iza no hiara-dia ho ary an-danitra :

1. Iza no hiara-dia ho ary an-danitra,
Ka hanaiky sy ho tia an'Andriamanitra ?
Ry mikatsaka ny To, atolorinao ny fo
Izao tontolo izao ario, ka ny Lanitra fidio.
5. Dia ny lanitra katsaho ho anjara lovanao.
Ny Mpamonjy angataho ho mpitarika anao.
Fa izay mpianany dia hotantanany,
Iza no hiara-dia ? Mitsangàna ka avia !

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : 2 Tim. 1, 1-5 :

1 Paoly, Apostolin'i Kristy Jesosy noho ny Sitrapon'Andriamanitra, mba ho mpitory ny Teny fikasana milaza ny fiainana izay ao amin'i Kristy Jesosy, 2 mamangy an'i Timoty, zanako malala : ho aminao anie ny Fahasoavana sy ny Famindram-po ary ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Kristy Jesosy Tompontosika.

1 De la part de Paul, apôtre de Jésus-Christ par la Volonté de Dieu pour annoncer la promesse de la vie qui est en Jésus-Christ, 2 à Timothée, mon enfant bien-aimé: que la grâce, la compassion et la paix te soient données de la part de Dieu le Père et de Jésus-Christ notre Seigneur !

3 Misaotra an'Andriamanitra aho, izay tompoiko araka ny nataon'ny razako, amin'ny fieritreretana madio, fa tsy manam-pitsaharana akory ny fahatsiarovako anao amin'ny fivavahako andro aman-alina. 4 Ary maniry hahita anao aho (satria tsaroako ny ranomasonao), mba ho feno fifaliana aho. 5 Fa nisy nahatsiarovako ny Finoana tsy mihatsara velatsihy izay ao anatinao, izay nitoetra taloha tao anatin'i Loisa renibenao sy Eonika reninao, ary matoky aho fa ao anatinao koa izany.

3 Je suis reconnaissant envers Dieu - que je sers, à l'exemple de mes ancêtres, avec une conscience pure - lorsque sans cesse, nuit et jour, je me souviens de toi dans mes prières. 4 Je me rappelle tes larmes et je désire te voir afin d'être rempli de joie. 5 Je garde en effet le souvenir de la foi sincère qui est en toi. Elle a d'abord habité ta grand-mère Loïs et ta mère Eunice, et je suis persuadé qu'elle habite aussi en toi.

Fanamarihana 1 – Remarques 1

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

mba hanaiky sy hankatoa ny Sitrapon'Andriamanitra mandrakariva izy ireo – *afin qu'ils agréent et obéissent à la Volonté de Dieu.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, amboary ny fiainanay mba hijoroanay ho solo-tenanao, tsy hahamenatra Anao, fa ho mpianatrao miaina sy manatanteraka ny iraka ampanaovinao amin'ny fankasitrahana, tsy eo amin'ny fiangonana ihany fa eo amin'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny ankohonanay koa – *Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, agis dans nos vies afin de faire de nous tes ambassadeurs, qui ne Te font pas honte, mais des disciples qui vivent et qui exécutent la mission que Tu lui confies dans l'obéissance, pas uniquement au sein de l'église mais également dans la société et dans nos familles.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Mpamonjy anay no angatahanay izany Aminao. Amen !
– *Nous Te demandons cela au Nom de notre Sauveur Jésus-Christ. Amen !*

Hira (Cantique) 498, 1 sy 3 : Ahy va i Jesosy, Tompon'aina :

1. Ahy va i Jesosy, Tompon'aina ?
Moa ahy va ny lanitra ?
Eny, matokia ry fo sy saina,
Fa eken'Andriamanitra.
3. Toa mila hampisalasala
Io tena fahagagana io
Ary lavin'ny tsy mahalala
Nefa azon'ny finoako.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : 2 Tim. 1, 6-12 :

6 Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako. 7 Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena. 8 Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontosika, na ahy mpifatony ianao. Fa aoka ianao ho mpiombona ny fahoriana noho ny Filazantsara araka ny herin'Andriamanitra, 9 izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny fiantsoana masina, tsy araka ny asantsika, fa araka ny Fikasany sy ny Fahasoavany izay nomena antsika tao amin'i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola, 10 fa naharihary ankehitriny tamin'ny nisehoan'i Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika, izay nahafoana ny herin'ny fahafatesana, ka ny Filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsifahalovana mandrakizay. 11 Ny amin'io Filazantsara io no nanendrena ahy ho mpitory sy Apostoly ary mpampianatra.

6 C'est pourquoi, je te le rappelle, ranime la flamme du don de Dieu que tu as reçu lorsque j'ai posé mes mains sur toi. 7 En effet, ce n'est pas un esprit de timidité que Dieu nous a donné, mais un esprit de force, d'amour et de sagesse. 8 N'aie donc pas honte du témoignage à rendre à notre Seigneur, ni de moi son prisonnier, mais souffre avec moi pour l'Evangile en comptant sur la puissance de Dieu. 9 Il nous a sauvés et nous a adressé un saint appel. Et il ne l'a pas fait à cause de nos oeuvres, mais à cause de son propre plan et de sa grâce, qui nous a été accordée en Jésus-Christ de toute éternité 10 et qui a maintenant été révélée par la venue de notre Sauveur Jésus-Christ. C'est lui qui a réduit la mort à l'impuissance et a mis en lumière la vie et l'immortalité par l'Evangile, 11 pour lequel j'ai été établi prédicateur et apôtre, chargé d'enseigner [les non-Juifs].

12 Ary noho izany koa no iaretako izao zavatra izao, ka tsy menatra aho, satria fantatro izay inoako, ary matoky aho fa izy dia mahatahiry ilay zavatra natolotro Azy mandrapihavin'izay andro izay.

12 Voilà pourquoi j'endure ces souffrances, mais je n'en ai pas honte, car je sais en qui j'ai cru et je suis persuadé qu'il a la puissance de garder le dépôt qu'il m'a confié jusqu'à ce jour-là.

Fanamarihana 2 – Remarques 2

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

mba tsy ho reraka izy ireo fa haniry ny hanam-piraisana sy hanompo ny Tompo – *afin qu'ils ne s'épuisent point mais qu'ils désirent la communion et le service du Seigneur.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Ry Andriamanitra Tompo Mpamonjinay ô, mampianara anay mba hanovozanay ny herinay ao amin'ny Antsonao sy ny Fanomezam-Pahasoavana hanompo Anao, ataonao aty anatinay. Omeo anay ny haniry mafy ny hanompo Anao araka ny Sitraponao ka hijoroanay tsara sady hankasitranay ny Filazantsaran'ny Famonjena. Ataovy tena mangetaheta ny hanompo Anao izahay, Tompo ô, kanefa aza avelanao hiaina izany raha mbola ny fanirianay sy ny tombon-tsoanay no anakomanay ny Sitraponao amin'izany – *Seigneur notre Dieu, notre Sauveur, apprends-nous à puiser notre force dans l'appel et le don de Te servir, dans la fidélité à l'Evangile du Salut que Tu nous offres. Accorde-nous la soif ardente de Te servir, Seigneur, mais empêche-nous de le faire si nous voulons toujours masquer ta Volonté par nos caprices et nos intérêts.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay no angatahanay izany Aminao. Amen ! – *Nous Te demandons cela au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ. Amen !*

Hira (Cantique) 500, 1 sy 4 : He, Manda fiarovana :

1. He, Manda fiarovana Andriamanitsika,
Ampinga mahatohana izay manjo antsika.
Mamely fatratra i Satana sompatra, mpandoza hatrizay,
Mpamitaka mahay tsy manam-paharoa.
4. Kendreny hofongorana ny Teny tanantsika,
Kanefa tsy ho foana : Ny Tompo momba antsika.
Na dia ho fongana ny laza ananana, harena, havana
Tsy mampaninona : ny Lanitra antsika.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : 2 Tim. 1, 13-18 :

13 Tano amin'ny Finoana sy ny Fitiavana ao amin'i Kristy Jesosy ny mariky ny teny tsy misy kilema, izay efa renao tamiko. 14 Ilay zavatra tsara natolotra anao dia tehirizo amin'ny fampaherezan'ny Fanahy Masina, izay mitoetra ao anatintsika.

13 Prends pour modèle les saines paroles que tu as entendues de moi, dans la foi et l'amour qui sont en Jésus-Christ. 14 Grâce au Saint-Esprit qui habite en nous, garde le beau dépôt qui t'a été confié.

15 Fantatrao fa efa nahafoy ahy izay rehetra any Asia : isan'ireny Fygelo sy Hermogena. 16 Homen'ny Tompo Famindram-po anie ny ankohonan'i Onesiforosy satria namelombelona ny fanahiko matetika izy, fa tsy menatra ny gadrako. 17 Fa raha tany Roma izy, dia nitady ahy fatratra ka nahita 18 (ny Tompo anie hampahita azy Famindram-po amin'ny Tompo amin'izay andro izay), ary ny hafatratry ny nanompoany ahy tany Efesosy dia fantatrao tsara.

15 Tu sais que tous ceux qui sont en Asie m'ont abandonné, notamment Phygelle et Hermogène. 16 Que le Seigneur accorde sa compassion à la famille d'Onésiphore, car il m'a souvent réconforté et n'a pas eu honte de ma situation de prisonnier. 17 Au contraire, lorsqu'il est venu à Rome, il m'a cherché avec beaucoup d'empressement et m'a trouvé. 18 Que le Seigneur lui donne d'obtenir grâce auprès du Seigneur ce jour-là. Tu sais mieux que personne combien de services il a rendus à Ephèse.

Fanamarihana 3 – Remarques 3

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

mba tsy hiovaovany fa hankatoavany tsara ny Filazantsara – *afin qu'ils ne changent point mais qu'ils obéissent à l'Évangile.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, renay sady azonay tsara ny ambaran'ny Teninao. lasao ny fonay mba hankatoavanay tokoa amin'izay ny Sitraponao. Dia tariho lalana izahay mba hahazoanay mankasitraka Anao sy ny Famonjena amin'izany – *Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, nous entendons et comprenons bien ta Parole. Agis dans nos cœurs afin que nous obéissions réellement à ta Volonté. Dirige nos pas pour que nous puissions te rendre Gloire en appréciant ton Salut, en cela.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, Amen ! – *Au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, Amen !*

Hira (Cantique) 490, 1-2 : Ry kristiana andrandrao :

1. Ry Kristiana, andrandrao Ny Tompo sy Mpanjakanao fa Izy no Mpiaro.
Ka aza taitra ianao na dia manakora izao ny fahavalo maro.
Omban'ny Tompo ianao, ka aza atahoranao
Ny rahon'ny mpamely.
2. Fa indro tsy rendrehana ilay Mpiambi-masina, izay Tokin'Israely,
Fantaro marina izao izay ataon'ny rafinao : aoka ho azy izany.
Fa andrandrao ny Lanitra : Anao Andriamanitra,
Anao ny Fanjakany.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Filip. 1, 27-30 :

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

27 Fa hany ataoko : aoka ny fitondran-tenanareo ho miendrika ny Filazantsaran'i Kristy, mba handrenesako ny toetrareo (na ho tonga aho ka hahita anareo na tsy ho tonga), fa maharitra amin'ny fanahy iray ianareo ka miray fo hiara-miezaka hampandroso ny finoana ny Filazantsara, 28 ka tsy ho azon'ny fahavalo ampitahorina ianareo na amin'inona na amin'inona. Fa amin' ireo dia mariky ny fahaverezana izany, nefa mariky ny Famonjena anareo kosa sady avy amin' Andriamanitra. 29 Fa ianareo efa nomena noho ny an'i Kristy, tsy ny hino Azy ihany, fa ny hiharam-pahoriana koa noho ny Aminy. 30 Dia manana izany ady izany ianareo, izay hitanareo teo amiko sady mbola renareo fa ato amiko ihany ankehitriny. Amen !

27 Seulement, conduisez-vous d'une manière digne de l'Evangile du Christ. Ainsi, que je vienne vous voir ou que je sois absent, j'entendrai dire de vous que vous tenez ferme dans un même esprit, combattant d'un même cœur pour la foi de l'Evangile, 28 sans vous laisser effrayer en rien par les adversaires. Pour eux c'est une preuve de perdition, mais pour vous de Salut, et cela vient de Dieu. 29 En effet, il vous a été fait la Grâce non seulement de croire en Christ, mais encore de souffrir pour Lui 30 en menant le même combat que celui que vous m'avez vu mener et que, vous l'apprenez maintenant, je mène encore. Amen !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous du mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Fiangonana – Assemblée :

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*
Gloire soit rendue à Dieu.

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !